Asio Fetrany Ihany

Manana namana ankizilahy be dia be ianao, ary tsy ratsy akory izany. Mety hahita olana anefa ianao raha mbola tsy vonona ny hampiaraka, nefa ny ataonao no mahatonga ny iray amin'ireo namanao ireo hieritreritra hoe tia azy ianao. Inona àry no azonao atao mba tsy hitrangan'izany?

Asio fetrany ihany rehefa mifandray amin'ireo namanao ireo ianao. Diniho ny zavatra nolazain'ireto tanora ireto, ary valio ireo fanontaniana ato.



TENA NISY

"Nieritreritra izy hoe niova hevitra aho"

Mpinamana be i Jason sy ny ankizivavy iray. Hoy i Jason: "Efa nifanaraka izahay hoe mpinamana fotsiny fa tsy mpifankatia." Mbola nandefa SMS be dia be tamin'ilay ankizivavy ihany anefa izy, sady nifandray be taminy. Hoy izy: "Tena tsy nety ny nataoko, satria nieritreritra izy hoe niova hevitra aho ka te hiaraka aminy indray."

Na dia efa nifanaraka aza i Jason sy ilay ankizivavy, nahoana ilay ankizivavy no lasa nieritreritra indray hoe te hiaraka aminy i Jason?

Tokony ho nasian'i Jason fetrany ilay izy, mba *tsy hieritreritra* hoatr'izany ilay ankizivavy. Inona àry no tokony ho nataony?

"Raha tian'ilay ankizivavy daholo ny sariko ao amin'ny tranonkala fifaneraserana, dia lasa mieritreritra aho hoe tia an'ahy izy."—Steven.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

TENA NISY

“Nilaza izy hoe nilalao ny fihetseham-pony fotsiny, hono, aho”

Lasa nifampiresaka be i Annette sy ny ankizilahy iray izay. Hoy i Annette: “Tafahoatra aloha ilay izy e! Nieritreritra aho hoe mpinamana fotsiny izahay fa tsy mpifankatia, na dia nifandray be aza. Niteny tamiko izy tatỳ aoriana hoe te hiaraka amiko. Rehefa niteny taminy anefa aho hoe namana fotsiny no nandraisako azy, dia tezitra be izy. Nilaza izy hoe nilalao ny fihetseham-pony fotsiny, hono, aho, sady fanahy iniako ilay izy.”

Hitanao hoe rariny ve raha nieritreritra ilay ankizilahy hoe tia azy i Annette? Raha eny, dia nahoana? Raha tsia, dia nahoana?

_____

_____

_____

_____

Inona no tokony ho nataon’i Annette, mba tsy hieritreritra ilay ankizilahy hoe tia azy i Annette?

_____

_____

_____

_____

“Tsy ny ataonao ihany no mahatonga ny ankizy iray hieritreritra hoe tia azy ianao, fa ilay izy mbola avelanao hifandray be aminao foana koa.”—Karen.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

TENA NISY

“Izahay foana no niaraka”

Nieritreritra i Rachel hoe tia azy ny ankizilahy iray. Hoy izy: “Hitan’ny rehetra hoe izahay foana no niaraka. Nosakambininy elaela mihitsy aza aho indray mandeha izay. Nieritreritra àry aho hoe tia an’ahy izy. Rehefa nanontaniako anefa izy, dia niteny hoe namana fotsiny no nandraisany an’ahy.”

Rariny ve raha nieritreritra i Rachel hoe tia azy ilay ankizilahy? Raha eny, dia nahoana? Raha tsia, dia nahoana?

Inona no tokony ho nataon’ilay ankizilahy, mba tsy hahatonga an’i Rachel hieritreritra hoe tia azy izy?

“Hoatran’ny mahafinaritra erỳ rehefa misy ankizilahy taratara aminao. Dia mety havelanao hifandray be aminao izy, amin’ izay ianao mahatsapa hoe misy tia. Raha matotra anefa ianao, dia hihevitra an’izay hahasoa azy, fa tsy izay hahasoa anao fotsiny, sady tsy te handratra ny fihetseham-pony.”—Bakoly.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania